Efa nafenina Pr Andriambololo-Nivo 3
Mpanome jiro nandritra ny tolona tao amin'ny Magro Behoririka

Vehivavy Vonona Sahy Diaspora (VVSD) 2
Mananjary sy Vohipeno no hitondrany fanampiana manaraka


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety mivoaka intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)


Mifanenjika ny samy Malagasy 3
Manjaka ny vahiny, indrindra ny karana


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Alakamisy 17 febroary 2022 Laharana 1263 Vidiny : **400 Ar**


**Fitondrana Rajoelina** 3

## Toa mahazo laka tsy voahozongozona ny “borozano” sasany



Ravalo sy ireo mpiara-dia aminy tany Mananjary 2

## Nizara sakafo ho an’ireo traboina sy nanadio tanàna koa



**Toetrandro** 6

## Nandrava tany Sainte-Marie ny rivodoza Dumako



**Rev Rabetombo Medard** 6

## Nampivily ny rivodoza Batsirai noho ny herin’ny vavaka



**Amorondranon’Ikopa Ampasika** 6
Nahitana fatin-dehilahy vao maraina

**Rado Ramparaoelina** 2
Tsy mitombina ny fanasoketana ataon”i Naivo Raholdina

**Daka kely**
Tsy takona afenina intsony ny ady eo amin’ny foza an-karona ry Boaikely a !

### VEHIVAVY VONONA SAHY DIASPORA (VVSD)

## Mananjary sy Vohipeno no hitondrany fanampiana manaraka

Hitohy hatrany ny hetsika sosialy ataon'ny VVSD, na Vehivavy Vonona Sahy Diaspora any ivelany. Mananjary any amin'ny faritra Vatovavy, sy Vohipeno any amin'ny faritra Fitovinany indray, no hitondran'izy ireo fanampiana manaraka ho an'ireo olona sahirana traboina mila izany, noho ny rivodoza Batsirai nandalo farany teto amintsika. Misy ny fanambarana avy amin'ny VVSD mahakasika izay: «miarahaba anareo rehetra mpikambana, namana, mpiara-miombon' antoka Malagasy sy vahiny tsy ankanavaka. Fisaorana lehibe no atolotra anareo rehetra nitoto nahafotsy sy nahandro nahamasaka tamin'ny fanampiana natao ny faha 8 sy 9 febroary lasa teo,



*Ny sary famantarana ny VVSD.*

ny amin'ny fanampiana ireo mpiara-monina amintsika traboina any Madagasikara. Ho fanohizana ny asa sosialy izay efa natomboka dia MANENTANA antsika ny amin'ny fanohizana izany, ka ny toerana any MANANJARY sy VOHIPENO indray no hitondrantsika fanampiana manaraka. Araka ny nambaran' ireo tompon' andraikitra nidina ifotony, dia voa mafy tokoa ireo faritra ireo, ka mila fifanomezan-tanana avy aty amintsika manampy izay efa nataon' ireo tsara sitrapo tonga tany an-toerana. Misaotra mialoha anao sahady ireo Malagasy hisitraka ireo fanampiana ireo, fa sambatra izay mifanampy sy mifanohana an-kitsipo".

***Helisoa***

### Ravalo sy ireo mpiara-dia aminy tany Mananjary

## Nizara sakafo ho an'ireo traboina sy nanadio tanàna koa

Feno dia feno ny fandaharam-potoanan'ny filoha Marc Ravalomanana sy ireo mpiara-dia aminy tany Mananjary ary tsy fotoana fohy no nijanonan' izy ireo tany fa andro maromaro, tena nijery akaiky sy nanampy ireo traboina ifotony tany amin'ny renivohitr'i Vatovavy izy ireo. Tao Tsiatosika, fokontany miala 16km an'i Mananjary no nitondrana fanampiana ara-tsakafo koa. Simba avokoa ny fambolena rehetra, ka mankahery ireo tantsaha mandalo fotoan-tsarotra ankehitriny ny filoha Marc Ravalomanana. Nanadio tanàna koa ireo mpiara-dia amin'i Dada satria be ny loto navelan'ny rivodoza Batsirai tany amin' ny renivohitry ny Antambahoaka. Ny kianja filalaovam -baolin' ny tanora Bella Beach tao Mananjaryy no anisan'ny nadiovina, niarahan'ny fokonolona sy ny mpikambana eo anivon' ny birao politikan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), notarihan'ny sekretera jeneraly nasionalin'ny antoko Rina Randriamasinoro, sy ny mpandrindra nasionaly Jean Claude Rakotonirina. Nisy ihany koa ny fanalana ireo hazo tapaka nianjera tamin'ny lalana.


*Ny sekretera jeneralin'ny antoko TIM, Rina Randriamasinoro.*

***Isambilo***

### Depiote Rastany avy amin'ny antoko TIM

## Nanadio sy nanavao lakandro 350 m etsy Ambohipo

Nodiovina tanteraka ny lakandrano mirefy 350 metatra etsy amin'ny lalana Fokontany Ambatoroka, hihazo an'i Ambohipo ao amin'ny Boriboritany faha-2 eto Antananarivo, nanomboka ny alatsinainy teo ary nasiampanavaozana koa ny lakandrano mirefy 100 m manaraka ny lalan-kely ho any amin' ny Kolejy "Espoir". Nilaza ny Solombavambahoaka voafidy tamin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), Randrianarisoa Stanislas na depiote Rastany, fa tsy teti-bola avy amin'ny CLD akory no nanamboarana ny lalan-kely, fa vola avy amin'ny karamany madiodio, ho fisorohana ny fiakaran'ny rano eny amin'iny faritra iny, no sady mampijaly an'ireo mpampiasa ny lalana. Nanohy fanazavana ity olom-boafidin'ny TIM ity, fa tsy maintsy nandray andraikitra ity farany rehefa tsy voavahan'ny tompon'andraiki-panjakana ny olan'ny fotodrafitr'asa eto Antananarivo ary tokony hanao fanadihadiana lalina ireo orinasa nahazo an'ireny tsenambaro-panjakana mikasika ny fanamboaran-dalana ireny, fa tsy tomombana ny fametrahan'izy ireo ny lakandrano. Nanamafy ny Solombavambahoaka Rastany, fa maika te hahazo tsenambaro-panjakana fotsiny ireo orinasa mpanamboatra lalana kanefa tsy mahafehy maso ataon'ny tompon'andraiki-panjakana an'ireo fotodrafitr'asa vita ireo. Tsy misy fanadiovana na fikojakojana na koa fanavaozana ny lakandrano akory. Ny vahoaka madinika foana no mitondra faisana rehefa mirotsaka maharitra ny ranon'orana amin'izao andro fahavatra izao ary tokony handray ny andraikiny amin'izay ny mpanapa-kevitra ho fisorohana ny olana tahaka izao, mba tsy hiverimberina intsony.

***Franck Razakambelo***


*Ny fanadiovana lakandrano notarihan'ny depiote.*

### Rado Ramparaoelina

## Tsy mitombina ny fanasoketana ataon''i Naivo Raholdina

Fanasoketana sy fanaratsiana an'ny Ben'ny tanànan'ny Kaominina Ampitatafika Antananarivo Atsimondrano, ny filazan'ny depiote Naivo Raholdina, fa anisan'ireo olona miisa 7 izay miray tetika hamono azy ny Ben'ny tanàna ary tsy mitombina ny filazana fa nandray anjara tamin'ny fivoriana ahafahana manatanteraka an'izany famonoana izany ny Ben'ny tanànan'ny Kaominina Ampitatafika, hoy Rado Ramparaoelina. Nanohy fanazavana Rado Ramparaoelina, fa azon'ny olona atao ny manangana vavolombelona mandainga entina hiampangana hamono olona ary tsy nambaran'ny Solombavambahoaka Naivo Raholdina mazava ny toerana sy fotoana nifamorian'izy ireo na ny tetika nataon'ireto farany entina namonoana ny Solombavambahoaka, raha sanatria ka nisy izany. Nanohy fanazavana


*Ny ben'ny tanànan'Ampitatafika Rado Ramparaoelina.*

ity mpitantana tanàna ity, fa tsy misy asa ifandraisan'ny Solombavambahoaka Naivo Raholdina sy ny Kaominina Ampitatafika mihitsy aloha hatramin'izao ary mbola tsy nisy fandraharahana niarahan'ny roa tonta natao hatreto. Nanazava izy, fa tian'ny Solombavambahoaka hamarinina amin' ny vahoaka fa olon-dratsy ny Ben'ny tanànan' Ampitatafika satria nanao fampitandremana amin'ny haino aman-jery ity farany fa nanao sonia an'ilay "Acte de vente" mikasika an'ilay tany mirefy 250 metatra tora-droa tetsy Fenoarivo ny Ben'ny tanàna ary mbola tsy hita hatreto ilay antotan-taratasy momba an'izany "Acte de vente" izany. Nanamafy ity Ben'ny tanàna ity, fa rehefa tsy nitondra ny porofo mikasika ny fisian'io "Acte de vente" nosoniavin'ny Ben'ny tanànan' Ampitatafika io ny Solombavambahoaka Raholdina dia nampidirin'ity farany ao anatin'ny tetika famonoana olona indray koa. Misokatra ho an'ny olona rehetra ny Kaomina Ampitatafika ary tokony mba hifampiresaka amin' ny Ben'ny tanàna ny Solombavambahoaka Naivo Raholdina raha toa ka nanana fahendrena ity farany, satria sary mihetsika entina hanosihosena ny Ben'ny tanàna ny zavatra ataon'ity olom-boafidy ity. Manoloana ny zavatra tahaka izao dia miezaka mamboly fihavanana mba tsy hanetsika ady amin' ny olona ny Ben'ny tanànan'Ampitatafika, satria mbola eo amin'ny fitondrana ny Solombavambahoaka Naivo Raholdina ary mieritreritra fa voabaikony avokoa izao rafipanjakana rehetra izao. Namarana ny fanehoankeviny izy, fa tsy manana olana amin'ireo mpifanandrina momban'ny adi-tany etsy Fenoarivo ity farany rehefa misy disadisa ary mandala ny fifampiresahana ho an'ny roa tonta amin'ny maha Ray amandrenin'ny tanàna azy.

***Franck Razakambelo***

### *Ny Valosoa sy fakafaka*

### Raharaham-pirenena

## Tsy takona afenina intsony ny ady an-trano ao amin'ny fitondrana

Telo taona mahery no nitondra ny tany sy ny fanjakàna i Andry Rajoelina . Ny hita sy tsapan'ny mpanara-baovao dia tsy niomana hitondra firenena ity farany, fa ny resaka habobo no nambaboana ny sain'ny Malagasy tamin'ny propagandy . Ravàna ny Antenimierandoholona fa hanaovana Oniverisite hianaran'ireo tanora maro be, omena tany 10ha ny tanora ; hanamboarana trano mora , lalana sns… Nipoapoaka ny IEM fa ho paradisa i Madagasikara. Nony tonga teo amin'ny fitondràna anefa ny fitondràna Tgv haingam-pandeha dia lasa fitondrana famindran-tsokatra. Sahirana i Andry Rajoelina na nitady ireo olona handrafitra ny governemanta aza. Tsy manana olona , ka hany izay tendrena eo dia ahitàna fanakianana avokoa avy amin'ny maro an'isa ny amin'izany . Eo amin'izay no mipoitra ny nafenina . Governemanta miady an-trano no misy , hita mibaribary izany . Solombavambahoaka mitabataba ny hanesorana ny minisitra lazainy fa tsy maharaka ny dian'ny filoha no hita . Ny sasany indray minia mikimpy manoloana ny fahasahiranan'ny vahoaka dia manambara fa tena mahavita be Rajoelina, ka ho lany ho filoha indray amin'ny 2023. Ny depiote sasany moa dia sahy manambara mihintsy, tsy mitsitsy fitenenana na mpiaradia amin'ny fitondràna aza, milaza ny tokony ho laharam-pahamehana amin'ny fitantanana ny firenena . Tsy takon'afenina intsony ny ady an-trano fa efa miseho imasom-bahoaka . Ao anatin'ny soratra masina dia manambara mazava fa ho rava ny fanjakàna miady an-trano . Izay ilay hoe tsy misy firaisan-kina fa ny famenoana paosy aloha no mahamaika satria efa mahatsapa mantsy fa efa ho masaka ilay manga araka ny fitenin'ilay depiote iray izay, ka hihintsana ho azy .

***Helisoa***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fitondrana Rajoelina

# Toa mahazo laka tsy voahozongozona ny "borozano" sasany

Fitantanana ny Firenena ataon'ny fitondrana Rajoelina, samy mikatsaka ny « ma part » ireo eo amin'ny fitondrana. Misy anefa ny toa fanavakavahana ao anatin'izany fitondrana izany, satria mahazo laka sy toa tsy voahozongozona ny borozano na ny Ambaniandro sasany, ny borozano na ny Ambaniandro dia ilazana ny mponina amin'ny Faritanin'Antananarivo teo aloha. Ireo avy amin'ny toerana ivelan'Antananarivo raha nanao hadisoana teo amin'izany fitantanana izany dia voadaka avy hatrany: toy izany ny ministra Volahaingo Marie Thérèse teo amin'ny resaka solom-bodiakoho, ny ministra Andriamanana Rijasoa tamin'ny resaka bonbon sucette, ny ministra Ahmad Ahmad teo amin'ny resaka fitantanana ny valanaretina coronavirus nandray andraikitra avy hatrany amin'ny maha tompon'andraikitra voalohany azy amin'ny fahasalamana, nefa tsy zakan-dRajoelina sy ny forongony izany. Ny ministra Brice Randrianasolo, vao voatendry andro vitsy monja dia nesorina noho ny fanaratsiana samihafa nihàtra taminy ary ny farany teo ny ministra Imbiky Herilaza voalaza fa voasaringotra amin'ny resaka kolikoly, raha tsy hilaza afa-tsy ireo. Ny Ambaniandro sasany ao amin'ny fitondrana anefa, miandahy miambavy mihitsy izany, na efa hita izao ny fitondran-tenany, sy ny fanakorontanana anatiny ataony ny fitondrana sy ny mpiara-dia aminy dia tsy voahozongozona aloha hatreto. Ny hafa indray, hita fa tsy mahafehy mihitsy ny delestazin'ny jiro sy ny olan'ny rano, fa dia toy ny misy lakaoly koa aloha hatreto ny sezany. Nisy ny ministra voasaringotra tamin'ny resaka ecran plat, tsy voakitikitika hatramin'izao na efa nesorina aza, raha tsy hilaza afa-tsy ireo.

**Fitiavantena**

Ankoatr'izany, mibaribary tsy takona hafenina intsony ny fitiavantenan'ny mpitantana ity Firenena ity ! Tsy vao amin'izao Repoblika faha-4 andiany faharoa izao ihany, fa efa hatramin'ny tetezamita izay izy ireo ihany ny ankamaroany no mibahan-toerana ankehitriny. Ny maha samy hafa ny firafitry ny andrim-panjakana tamin'ireto fitondrana ireto dia fiaraha-mitantanana no tsy maintsy napetraka araka ny "Tondro Zotra", lalàna fototra solon'ny Lalàmpanorenana, novolavolain'ny Vondrona Iraisam-pirenena, no tsy maintsy nampiharina. Ankolafy roa lehibe, ny Ankolafy Ravalomanana sy ny Ankolafy Rajoelina, no nangalàna ireo mpikambana tany amin'ireo andrim-panjakana nijoro. Na izany na tsy izany dia azo lazaina fa nanana ny maro an'isa ny ekipan-dRajoelina Andry tao amin'ny Governemanta sy ny Mpanolotsaina Avon'ny Tetezamita (CST) ary ny Mpanolotsainan'ny Tetezamita (CT). Niitatra dimy taona ny tetezamita ary indroa nisolo ny Praiminisitra ary na dia tsy nisy nibolisatra loatra ireo mpikambana tao amin'ny mpanatanteraka dia nisy hatrany ireo nesorina sy nosoloina nandritra ny dimy taona. Telo taona mahery kely no tonga teo amin'ny familiana ny lamasinina haingam-pandeha Rajoelina Andry ary telo taona sy tapany no naha-praiminisitra an'i Ntsay Christian. Maro an'isa ny mpiandany amin-dRajoelina Andry amin'izao fotoana izao na eny amin'ny Antenimerampirenena, na ao amin'ny Antenimieran-doholona, na etsy amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, na ao amin'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana. Ny manaitra ny saina anefa ary efa nampahatsiahivina teto ireo fahafaham-baraka nifandimby tao anatin'ny telo taona ary teo anivon'ny mpanatanteraka avokoa no nitrangan'izany. Tamin'ny nidiran'ny valanaretina covid-19 sy nanaovana dokambarotra sy fampisotroana ny CVO ny vahoaka Malagasy dia nipoaka ny raharaha valo miliara ariary nividianana vato mamy tsetsafina (bonbons sucettes) nokasaina nozaraina tamin'ny mpianatra rehefa avy misotro ity tambavy majika ity. Teo ankilany koa ny raharaha "écrans plats". Nesorina fotsiny ny iray voalohany ary efa an-taonany vao nosoloina ny faharoa fa tsy nisy nametra-pialàna. Tsy nisy nandalo fitsarana ireo mpikambana tao amin'ny governemanta ireo ary mbola maizina na efa lasa rano avokoa ve ny vola nividianana ireo zavatra ireo?

**Tsy nahafehy ary tsy mahafehy**

Efa tsapa tamin'izany fa tsy nahafehy ary tsy mahafehy ireo mpikambana tao amin'ny governemanta na ny filohan'ny Repoblika na ny lehiben'ny governemanta. Tamin'ny taona lasa iny ary tamin'izao fiandohan'ny taona izao dia nisy ireo tranga hitam-poko, hitam-pirenena sy "dossiers" nivoaka tany amin'ny tambazotran-tserasera, mahakasika mpikambana tao amin'ny governemanta. Ny zava-doza ho an'ny Firenena momba azy ireo dia ny fahafaham-baraka naterany, tsy ho an'ny filohan'ny Repoblika, na ho an'ny lehiben'ny governemanta ihany, fa ho an'ny vahoaka Malagasy iray manontolo. Raha manana ilay lazaina ho "honnêteté intellectuelle" ireo rehetra voakasik' ireny raharaha ireny dia nametra-pialàna mba hoarahin'ireo maro tsy mbola namoahan'ny mpiseraserа "dossiers". Ny zava-doza ihany koa dia ireo tompon-andraikitra voalohany eto amin'ny Firenena dia sady tsy sahy mamaky bantsilana ho fantatry ny vahoaka ny marina miseho no tsy sahy nametra-pialàna ihany koa toy ny ataon'ny minisitra na praimi- nisitra any amin'ny firenena any ivelany any rehefa misy hetsika ataony manohintohina ny fiandrianam-pireneny na ny hasin'ny tanindrazany. Ny eto amin'ity Firenena ity dia misy minisitra tsy sahin'ny lehiben'ny governemanta na ny filohan'ny Repoblika esorina sady tsy nametra-pialàna fa miriaria sy mbola manjakazaka ihany. Ao koa ireo mpikambana ao amin' izao governemata izao izay tsy hita mihitsy izay asa vitany ary ao koa ireo tsy mahay na tsy mahafantatra na inona na inona momba ny departemanta nametrahana azy kanefa dia sady tsy sahy esorina no tsy nametra-pialàna. Vao voatendry ny minisitry ny Fitsarana mpisolo toerana dia efa misy mamoaka "dossier" momba azy sahady, ka miandry izay ho tohin'izany ny mpanarabaovao rehetra. Midika izany fa sady mpiray tsikombakomba no miara-migoka ny mamy ny olom-boafidy sy olom-boatendry rehetra ka samy miaro ny toerana natolotra azy daholo.


*Andry Tsiavalona*

**Efa nafenina Pr Andriambololo-Nivo**

# Mpanome jiro nandritra ny tolona tao amin'ny Magro Behoririka

Niamboho ny zoma teo Pr Andriambololo-Nivo Rabetrano ary nafenina omaly tany amin'ny tanindrazany any Ambohitrabiby Antananarivo Avaradrano. Fahavelony, Pr ANDRIAMBOLOLO-NIVO Rabetrano Dieudonné, no Filohan'ny Fikambanana Taranaka Ambohidrabiby. Manampahaizana momba ny fitsaboana ny nify izy, isan'ireo Raiamandreny avara-pianarana nivoy sy nanentana ny fankalazana ny TAOMBAOVAO MALAGASY ny tenany isan-taona rehefa fararano Martsa-Aprily. Nandritra ny 5 taona nitolo-man'ny mpomba ny filoha Marc Ravalomanana tao amin'ny Magro Behoririka, ho fitakiana ny ara-dalàna, sy ny ho five- renan'i Dada an-tanindrazana, izy no nanome ny rianaratra, na ny jiro ho an'ny fanamafisam-peo tao amin'ity kianjan'ny Finoana ity. Mandria am-piadanana Profesora!

*Stefa*



*Pr Andriambololo-Nivo Rabetrano fahavelony.*

**facebook NY VALOSOA VAOVAO**

## Mifanenjika ny samy Malagasy, manjaka ny vahiny, indrindra ny karana

**Vony, Tiako Ioatra i Madagasikara:** l'homme d'affaire indien Ylias Akbaraly est le plus riche de Madagascar : sa fortune estimée à plus d'un milliard d'Euros, l'équivalent de 4,100,500,000,000 d'Ariary, cette somme représente 10% du PIB de Madagascar. Lany andro mifanenjika sy mifanaratsy ny malagasy: mpitondra vs mpanohitra. Lany andro mifanambany sy mifanitsaka isika: côtier vs merina. Lany andro mifanambaka sy mifametsifetsy: Etat unitaire vs etat federal. Time is money hoy ny vazaha, isika lany andro @ zavatra tsy misy dikany matetika, araraotin'ny olona ny fahalemetsika, zarany aza miady antrano eto isika mianakavy. Tsy ny fisian'ny karana sy ny vahiny eto amintsika loatra no olana, fa ny havendranantsika gasy ihany, aiza ve koa olona tsy nianatra sady tsy mahalala ny atao hoe politika no fidintsika ho filoha, DJ no lasa president, bogosité no mi-interesser antsika gasy fa tsy fivoarana izany. Tia misehoseho ivelany ny gasy, efa anaty kolontsainan'ny gasy mihitsy izay, ka aleony nijoboka nifidy DJ. Efa 8 taona isika izay no noentina DJ, mbola tsy hay aloha hoe hoentina mankaiza fa efa kely sisa dia ho 5 arivo ariary ny 1 Euro. Mahakivy tanteraka.

**Prefer Nirina Razanatsimba:** n antsika ts mba hoe ahoana no fomba atao mba hitovina sy hifaninanana famoronana asa toa azy, fa mifamono sy mifamingana no atao, rariny raha vahiny no lasa mpanambola! Ts variana manenjika fa mila manova toe-tsaina! Na izan koa aza ts azo atao manimba azy satria maro gasy miasa ao @orinasany fa azo atao tsara kosa mifaninana aminy.

**Pierson Solofoniaina Rakotovao :** lay harena azony zany t@ fitondrana DJ ? Izany hoe t@ tetezamita sy mandat farany ity no nampanakarena be azy. Manaraha ihany vao2 fa amidin'olona ampitsanganana!

**Hery Fanantenana:** henjana zany fortune an'io karana io zany.

**Max Ramanoelina:** misy koa ny gasy ory hava-manana, betsaka ny gasy nanao investissement ngeza eto fa potehina tsy handroso, satria tsy afaka miaramiasa na tsy mitovy hevitra @ izay mitondra dia finganina foana. Hatramin'izay hatramin'izao. Fa ny vahiny tsy sahy misy mikitika.

**TONONKALO**

## FANJAKANA MIADY AN-TRANO

Efa tena miady an-trano iretsy donto mianakavy.
Atahorana hifamorika ary koa hifamosavy.
Tsisy miafina intsony f`efa re ety ivelany,
Na ny ady ifanaovany na izay lazain`ny lelany !

Efa tena miady an-trano iretsy donto mianakavy.
Very hasina tanteraka na ny lahy na ny vavy !
Tsisy intsony ilay mba toetra maha voafidy na voatendry.
(Raha fintinina dia tsotra , tena adala fa tsy hendry !)

Mba mitoetra ery ambony saingy tsy mba faka tahaka.
Toa tsy takany ilay hoe "ny tokantrano anie tsy ahahaka"!
Fa dia tena mifandramatra ary koa mifampihantsy.
(Toy ny akoho mifampitsaingoka sady mifamely fantsy !)

Izany ve no "atidoha" voalaza fa hoe notsongaina ?
Nefa dia karazan`olona tena tsy mahay miaina !
Tsisy zavatra milamina , tsisy zavatra mirindra.
Dia mba aiza ilay "fitiavana" , ilay hoe "lehibe indrindra"?

Ontsa anao ny firenena ry mpitarika malaza,
Miaraka amin`ireo ekipa tena mifanahin-jaza !
`Ndeha miverina mba mianatra izany atao hoe fitantanana,
Dia meteza mba ho olon`ny fanahy sy fihavanana !

*DADAN`i ZINA (16-02-22)*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka, sary facebook.

**Tsiatosika, fokontany miala 16km an'i Mananjary no nitondrana fanampiana ara-tsakafo koa. Simba avokoa ny fambolena rehetra ka mankahery ireo tantsaha mandalo fotoan- tsarotra ankehitriny ny filoha Marc Ravalomanana.**








**Rano miakatra vokatry ny rivodoza Dumako, tany amin'ny tanànan'Antsampanana kaominina Antsiatsiaka, distrikan'i Fenerivo Atsinanana faritra Analanjirofo.**




# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka, sary facebook.

**Ny kianja filalaovam -baolin' ny tanora Bella Beach tao Mananjary nodiovina, niarahan' ny fokonolona sy ny mpikambana eo anivon' ny birao politikan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM).**








**Tondra-drano tany Toamasina, vokatry ny rivodoza Dumako.**




AMORONDRANON'IKOPA AMPASIKA

# Nahitana fatin-dehilahy vao maraina

Nahitana fatin-dehilahy vao maraina omaly, ny moron' ny reniranon'Ikopa etsy Ampasika. Hatairana ny an' ireo mpandalo sy mponina teny amin'ny manodidina, raha nahita ity tranga mampalahelo ity. Omaly no hita faty tetsy amoron'ny ranon' Ikopa tetsy Ampasika ity lehilahy ity. Araka ny fahitana ny razana, heverin'ireo olona nanatrimaso ho mpitondra moto ity lehilahy hita faty ity, satria manao "blouson" sy ma-nao aro-tànana an'ny mpi- tondra kodiaran-droa ire-ny izy. Tsy fantatra maza-va anefa hatreto ny tena nahafaty ity lehilahy ity. Mbola miandry ny valin'ny fanadihadiana ataon'ireo tomponan'andraikitra, no ahafantarana ny tena nahafaty io olona io.

**Stefa**



*Lehilahy hita faty tetsy Ampasika.*

Hetsika vontom-pitia Fjkm

# Hifarana ny 19 Februoary izao eny Ambatonakanga



*Ny FJKM Tranovato Ambatonakanga, hamaranana ny hetsika vontom-pitia.*

Nisokatra ny alatsinainy faha-14 febroary lasa teo, ny hetsika vontom-pitia karakarain'ny foibe Fjkm. Tetsy amin'ny Fjkm Katedraly Analakely no nanokafana izany. Maharitra herinandro izy io, ka ny famaranana dia ho tanterahina ao amin'ny Fjkm Tranovato Ambatonakanga. Isaky ny amin'ny 12 ora hatramin'ny 2 ora tolakandro no hanatanterahana izany. Herinandron'ny fanarenana sy ny fanavaozam-pitiavana no tanjona amin'izany, ka lohahevitra maro no velabelarin'ireo tompon'andraikitra amin'izany. Manasa ny rehetra tsy ankanavaka ny mpikarakara ity hetsika vontom-pitia andiany fahatelo ity raha ny nambaran'ny tonian'ny departemantan'ny fiangonana, ny mpitandrina Rado Lalaina Johary.

**Rajo**

Rev Rabetombo Medard

# Nampivily ny lalan'ny rivodoza Batsirai noho ny herin'ny vavaka

Nandrasan'i Reverand Rabetombo Medard efa nanakaiky ny sisintanin'i Madagasikara ny rivodoza Batsirai, izay vao nozonin'ity farany tamin' ny vavaka nataony tamin' ny alalan'ny teny Frantsay sy teny Anglisy. Niato kely tsy nandroso ny Rivo-doza taorianan'ny vavaka hoy ny Reverand Medard ary nivily lalana tsy nikasika ny faritra Analamanga sy ny faritra Alaotra Mangoro ary ny faritra Atsinana, izay voasokajy ho faritra mena noho ny fandalovan' ny Rivodoza Batsirai tamin'izany fotoana izany. Nanohy fanazavana ity mpitarika ny fikambanana IGP Chapel ity, na ny International God's Power, fa na dia niditra tany amin'ny faritra Atsimo Atsinanana sy Vatovavy ary ny faritra Fitovinany ny Rivodoza dia 20% ny fahavoazana izay novinavinain'ny tompon'andraikitra eo anivon'ny famantarana ny toetr'andro ihany, no nihàtra tamin'ireo toerana izay nolalovany ireo ary niha-nalefaka ny herin'ny Rivodoza tafiditra teto Madagasikara. Misarika ny sain'ny olom-pirenena ny Reverand Medard, fa mbola tsy nisy olona nivavaka nahavita nampivily lalana rivodoza izany teto ambonin'ny tany ary mbola tsy nisy olona nanozona ny aretina Coronavirus, mba tsy hiparitaka tahaka ny zava-misy any amin'ny firenena ivelany, noho izany dia fomba fanehoana ny voninahitr'Andriamanitra ireny zavatra natao ireny, mba handresy lahatra ny olona hitodika amin'Andriamanitra. Nilaza i Reverand Rabetombo Medard, fa manambara ny zavatra tsara ho an'ny firenena sy manozona ny faharatsiana rehetra ny asan'ny mpaminanin'Andriamanitra ary afaka mamaha ny fiainan'olona azom-pahoriana sy hijoro amin'ny toeran'ny banga, mba hanozona ny fahoriana mianjady amin'ny olona na ny firenena. Efa ho 15 taona no nijoroan'ny fikambanana IGP ary manatanteraka fotoam-pivavahana etsy amin'ny efitrano fandraisana mariazy etsy amin' ny "Complexe" Ampefiloha isaky ny Alahady. Ny fanatanterahana vavaka manokatra ny lanitra, no sady misy fanatrehan'ny anjely no mampiavaka ny fikambanana IGP amin'ireo fiangonana Sekta ary ny fomba fivavahana ataon'i Reverand Medard amin' ny alalan'ny fitenin'ny Anjely dia raisin'Andriamanitra mivantana no sady mivaly avy hatrany. Ny laharan-tariby 0331177456 no hifandraisan'ny olona amin'i Reverand Medard ary etsy amin'ny Fokontany Ambohidahy Ankadindramamy no foibentoeran'ny fikambanana IGP. Efa misandrahaka manerana ny faritra ity fikambanana ity ary ahitana an'izy ireo avokoa ny tanànan'Antsirabe, Imeritsiatosika, Toamasina, Anjozorobe, Antanetibe, Ilafy, Anosiavaratra, Ankazobe, Mampikony, Ambanja, Port Berger, Nosy-Be Hellville.



*Rev Medard avy amin'ny IGP.*

**Franck Razakambelo**

Menaka spéciale iray tavoahangy kely

# Sahan'ilay vazaha novidiana iray tapitrisa

Hafa kely indray ity : misy menaka manokana spéciale avy any Inde eny amin'i Jessica mpanotra eny Mandrosoa Ivato. Hafa kely izy io satria nisy tovolahy nalemy efa herintaona tsy nahatsangana no sitrany. Raha ny fitantaran'ny vadiny dia nandeha tsara ihany izy io teo aloha , fa tampoka teo dia nanjary nalemy tsy nahatsangana ary tatazana eo am-pandriana mihitsy aza. Efa niala nenina tamin'ny dokotera sy mpitsabo hafa ny fianankaviany fa tsy nety nitsangana mihitsy ranamana. Efa saika halefa any ivelany mihitsy aza, fa nisy fianakaviana tafaresaka tamin'izy ireo hoe mandehana ihany aloha miala nenina eny Mandrosoa Ivato 0338739541, fa tsy misy zavatra tsy sitran'io mpitsabo io. Vao tonga teny aminy tokoa ity fianakaviana ity dia izao no nambaran'ilay mpitsabo taminy : nifangaro mosavy ny nahazo ny vadinao hoy izy, ka ity menaka spéciale ity no azo antoka fa hanasitrana azy. In-telo monja no nohosorana ity menaka ity ilay rangahy dia sitrana sy nahatsangana. Taitra tamin'izay ilay vazaha ka nilaza tamin'ity mpitsabo ity fa sahany vidiana iray tapitrisa ity tavoahangy kely ity. Tsotra hoy ilay mpitsabo taminy hoe tsy natao hamidy io fa natao hanasoavana ny mpiara-belona amiko, fa miala tsiny aminao. Teo vao tankina fotsiny sisa ilay vazaha, satria noheveriny fa menaka eny an-tsena izy io nefa menaka spéciale hafa mihitsy, ka nangahiahy fotsiny sisa ranamana sady nisafosafo loha baina.

**Namana**

Toetrandro

# Nandrava tany Sainte-Marie ny rivodoza Dumako

Niditra tany amin'ny faritra Analanjirofo afak'omaly : tany Sainte-Marie, sy tany Soanieran'Ivongo ilay rivodoza Dumako ary nivoaka tany amin'ny La- kandranon'i Mozambika tany amin'ny faritra andrefan'i Madagasikara omaly. Nandrava tany amin'ny Nosy Sainte-Marie ity rivodoza ity, indrindra ny tany amin'ny tapany avaratr'ity antsoina ihany koa hoe : Nosy Boraha. Arakan y vaovao voaray : trano 60 tafo mahery no rava vokatry ny rivodoza DUMAKO, Fokontany maromaro no dibodrano tany Sainte-Marie. Tsy misy ny aina nafoy, fa simba kosa ny volin'ireo tantsaha, efa miverina amin'ny fiainana andavanandro ny Mponina. Ankoatra ny tranon'olon- tsotra, anisan'ny nahitana fahasimbana tany an-toerana ny trano fiangonana. Nahitana fahasimbana vokatry ny rivodoza Dumako izay ihany koa ny tany Soanieran Ivongo, izay eo ampitan'i Sainte-Marie eo ihany, nahery ihany koa ny rivotra tany amin'ity distrika ity.

**Niaina**



*Ny fandalovan'ny rivodoza Dumako tany Sainte-Marie.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**05/02/2022 hatramin'ny 12/02/2022**

- **ANALAKELY** (En face Tahala Rarihasina) 020 22 236 81/ 034 48 788 96
- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78
- **TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17/ 034 05 207 17
- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85/034 14 525 52
- **ANKADIFOTSY** (Ankadifotsy) 020 22 222 07/034 22 222 07

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35



**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1263-02-2022
Isan'ny natonta: 10 000


Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**FIHARIAN-KARENA**

# Amperiny amin'ny famoronana asa ny « Millenial Academy »

Raha toa ka novolavolaina sy nobeazina ary nampianarina, ho « Mpitady asa » hatrany ny tanora malagasy hatramin'izay dia ny hahatonga azy ireo ho afaka hamorona asa avy hatrany, no antom-pisian'ny « Millenial Academy ».

Fiofanana anatin'ny 02 volana no hatrehin'ireo mpiofana, hoy i Justino Hermann Raharizoandrinirina, ity farany izay angady nananana sy vy nahitana ny « Millenial Academy » niorina ny volana jona 2021 lasa teo. Rehefa avy nandalim-pahaizana sy nahavita ny fianarany tany Etazonia ny tovolahy.

Ankoatry ny fanolorana fampianarana eo amin'ny lafiny fiteny vahiny toy ny anglisy, izay tsy afa-misaraka amin'ny fikirakirana ny fandraharahana saika maneran-tany ankehitriny dia manaraka fiofanana momba ny teknikan'ny fandraharahana, hay tarika sy fitantanam-bahoaka « Leadership ». Ny « Tell éducation » (Technologie, Entreprenariat, Langue, Leadership), araka izany, no fototra ijoroan'ny fampiofanana atolotry ny « Millenial Academy ».

Tsy manana ahiahy intsony na tahotra, fa miroso ampahatoniana sy ampahavononana hibata fahombiazana avy hatrany amin'ny fanatanterahana ny tetikasa nofinidiny ireo mpiofana, hoy hatrany ny mpanorina ny « Millenial Academy ». Misy hatrany ihany koa ny tantsoroka sy ny fanolorana toro-hevitra ho an'ireo vita fiofanana, ka efa manatanteraka ny sehatrasany.

Tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana, fa manana fiaraha-miasa akaiky sy matotra amin'ny Anjerimanontolo anyAmerika ny « Millenial Academy » izay miorina etsy Antanimena ambany akaikin'ny « bassin ». Tolorana takila manamarika ny nahavitana ny fianarana ireo mpiofana.

***Lalasoa R.***



*Ny mpanorina ny « Millenial Academy », nianatra tany Amerika ny tovolahy.*

Sahirana ny tantsaha eny ambanivohitra

# Ny an-tsaha tsy miakatra, ny amidy tsy misy

Faritra maro eto Madagasikara no lasibatry ny fidangan'ny vidim-bary. Manodidina ny valonjato ariary ny iray kapoaka amin'ny vary gasy ankehitriny, ary mbola misy manararaotra ambonin'izany aza. Tsy hita hatreto izay fandraisan'andraikitry ny fanjakana izay nolazaina fa hijery ny vidim-piainana amin'ny ankapobeny. Hatreto anefa dia tsy hita izany. Ny eny an-tsaha indray, tsy mbola miakatra ny vokatra satria ao anatin'ny maitso ahitra tanteraka izy ireo ankehitriny. Valalanina fotsiny sisa izy ireo miandry izay onjany eo, satria tsy afa-manohatra velively. Rehefa fotoana toy izao ihany koa no fanararaotan'ny mpanam-bola amin'ny fanaovana vary maitso, satria tian-kano tsy tian-kano ny an'ny vahoaka, aleo maty rahampitso toy izay maty androany hoy ny fitenenana.

***Rajo***




*Mbola tena ao anatin'ny maitso ahitra ny tantsaha amin'izao fotoana.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 384**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0383)

***Mitsivalana***
- Tselatra
- Aloa (miv) – Voy
- Laona – An
- Bika
- Eto – Ao (miv)
- To – Riba
- Antalaha

***Mitsangana***
- Talenta
- Soa – On
- Elobe
- Lanitra
- Lioka (miv)
- TV – B‡
- Roa – Hao (miv)
- Ainga

## TENY MIFANAPAKA N° 384




**Mitsivalana**

**1.** Karazana fifamoivoizana **2.** Dada – Tsy misy volo (miv) **3.** Olona velon'aina **4.** Atao fotsy, atao mena – Solfa **5.** Tazana (BL) – Esotra – Anelanelan'ny nono **6.** Kianteny – Mitempo – Tany kely **7.** Fanontaniana – Foko 8. Mpampiankina – Iry, ila (miv) **9.** Tsy ara-potoana – Aizina **10.** Ao ambadikao

**Mitsangana**

**A.** Boribory – Marina **B.** Mifanohitra amin'ny diovina **D.** Eo amin'ny loha – Doboka E. Biby (miv) – Diovy **F.** Voa maina **G.** Tsirin-teny Iharana – Zanan-tsoratra **H.** Fanampin'anarana – Naoty **I.** Aro orana – Nanavotra (miv) **J.** Tanterahina **K.** Iangaviany – Asa

### Valiny Teny mifanaraka 0383

**Mitsivalana**

**1**.Fizahana **2.** In – Omby **3.** Tongava – As **4.** Sigara **5.** Maizina (miv) **6.** Rano – Nioty (miv) **7.** (S)aka – Avelao **8.** Nao – Ka – La (miv) **9.** Ao – Tazanao **10.** Raisina

**Mitsangana**

**A** Fitsarana **B.** O.I – Roaka (miv) **D.** Zinganao **E.** Angano – Ti **F.** Ary – Saka (miv) **G.** Vazivazy **H.** Noa – Ety (miv) – An **I.** Ma (miv) – Taolana **J.** Ba – Miala **K.** Gisa – No – (M)of(o)

## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Koa na zovy na zovy no hanetry tena tahaka ity zazakely ity, dia izy no ho lehibe indrindra amin'ny fanjakan'ny lanitra".*
***Matio 18:4***

### ORANGE PRO LEAGUE 2021/2022

# Angatahan'ny CFEM hosokafana amin'ny mpijery amin'izay ny kianja rehetra


Nandefa taratasy any amin'ny minisitera mpiahy MJS « Ministère de la Jeunesse et des Sports », tamin'ny fiandohan'ity herinandro itsahana ity ny CFEM, mba hangatahana fahazoan-dalana amin'ity minisitera ity, ny mba hanokafana ho an'ny Daholobe amin'izay an'ireo kianja rehetra mandray ny fifaninanana baolina kitra Orange Pro League 2021/2022, indrindra ireo kianja amin'ny Faritra Analamanga sy Matsiatra Ambony ary Vakinankaratra, izay mbola ao anaty fanarahana ny fepetra ara-pahasalamana tanteraka ankehitriny. Zary miteraka akony eo amin'ny toe-tsaina sy eo amin'ny toe-bola an'ireo klioba mandray anjara amin'ity OPL ity any amin'ireo Faritra vaolaza farany ireo mantsy io tsy famelana ny mpijery hanotrona ny lalao io. Mila mikajy ny fahatomombanan'ny toebatan'ireo klioba anefa ankehitriny ireo mpilalao miatrika ny Orange Pro League, mba hahafahan'izy ireo miditra ao anatin'ny sehatry ny ekipan'ny Barea samihafa hanomana ny fifanintsanana CAN sy CHAN ary Cosafa sy ny lalaon'ny Nosy hotanterahina eto amintsika amin'ny 2023. Ho tambin'izany fangatahana famoahana ho an'ny daholobe an'ireo kianja ireo izany dia manome toky ny CFEM, sy ireo klioba mandray anjara amin'ny fifaninanana, fa hanaraka antsakany sy andavany ny fepetra ara-pahasalamana navoakan' ireo any amin'ireo Faritra voalaza ireo (gestes barrières, carnet ou certificat de vaccination si besoin, jauge par rapport aux capacités des stades). Mahatoky ny fahendren'ny minisitera mpiahy ny fanatanjahantena sy ireo tompon'andraikitra mahefa any amin'ireo Faritra ireo ny CFEM.


*Lalao Orange Pro League 2021/2022.*

***Rainilita***

### Barea U20-U23

# Fantatra ireo "Staff" hitantana azy any Troyes Frantsa


*I Boualem Mankour.*

Amin'ny fampivondronana ny Barea U20-U23 ho karakarain'ny association UFISCAM, miaraka amin' ireo "anciens" equipe nationale tarihan-dry Malabary sy Johann Paul ary Haja Maradona ho tontosaina any Troyes Frantsa amin'ny 21-28 martsa 2022 izao dia fantatra ankehitriny ireo "Staff" hitantana azy ireo :
Sélectionneur : Boualem MANKOUR, Adjoint chargé des locaux : Herimanitra David RABEHASOA ( HERY BE), Adjoint chargé de la formation des jeunes : Mohamed AIT- HIDA, Adjoint chargé des gardiens de but : Mamadou BAH, Adjoint chargé de l'analyse vidéo : Nedy NARRAINEN, Médecin : Barivola RAKOTOARISOA, Team manager : RAHARIJAONA Solonirina.

***Rainilita***

### "Super Ligue de la CAF""

# Mbola tsy misy ekipa malagasy tafiditra handray anjara


Ekipa sangany miisa 24 tao anatin'ny 5 taona farany aty Afrika (tsy tafiditra amin'izany ny ekipa malagasy), no handray anjara amin'ny fifaninanana "Super Ligue de la CAF"voalohany, hanoloana ny fifaninanana « Ligue des Champions Africaines » sy ny « Coupe de la Confédération Africaine » amin'ny taona 2023 ho avy, miaraka amin'ny fifaninanana « Coupe d'Afrique des Champions » dia ny :
1) Al Ahly (Egypte),
2) El Zamalek (Egypte),
3) Mamelodi Sundowns FC (Afrique du Sud),
4) TP Mazembe (RDC),
5) Esperance de Tunis (Tunisie),
6) Wydad Casablanca (Maroc),
7) Vita Club (RDC),
 CR Belouizdad (Algérie),
9) Al Hilal Omdurman (Soudan),
10) RCA Raja Casablanca Athletic (Maroc),
11) 1º de Agosto (Angola),
12) Etoile du Sahel (Tunisie),
13) Dynamos (Zimbabwe),
14) Al-Merreikh (Soudan),
15) CS Sfaxien (Tunisie),
16) Stade Malien Bamako (Mali),
17) ES Sétif (Algérie),
18) Pyramids FC (Egypte),
19) Coton Sport (Cameroun),
20) Djoliba AC (Mali),
21) Orlando Pirates (Afrique du Sud),
22) ASEC Mimosas (Côte d'Ivoire),
23) Atletico Petro Luanda (Angola),
24) Horoya (Guinée).


*Anisan'ny mpikarakara ny Super League de la Caf.*

Hanomboka amin'ny volana septambra 2022 ny fifaninanana « Super League Africain », izay efa nahazo fankatoavana tamin'ny FIFA.
Ho zaraina ao anaty vondrona 3 izy ireo ka ny ekipa miisa 8 dia avy ao Afrique du Nord, ekipa 8 hafa avy ao Afrique de l'Ouest sy Afrique Centrale ary ireo ekipa 8 sisa dia avy ao Afrique du Sud sy Afrique de l'Est.
Samy hanao lalao miisa 14 avy ireo ekipa tsirairay, ka ireo ekipa 5 voalohany isam-bondrona sy ireo ekipa mitana ny laharana faha-6 mendrika indrindra avy amin'ireo vondrona 3 dia ho tafita any amin'ny dingana ampahavalon-dalana (ekipa 16), ka ireo lalao rehetra dia ho tontosaina any amin'ny kianja «Stades de 1ère classe » avokoa .
Hampiasaina ny VAR mandritra ny fifaninanana rehetra.
Ireo ekipa 24 handray anjara amin'ny « Super League de la CAF » dia hahazo « 1 million de dollars US » tsirairay avy, ho fanomanany ny hetsika « frais de participation ».
Izay ekipa tafavoaka ho mpandresy amin'ny fifaninanana kosa dia hahazo « 10 millions de dollars américains » ary hisolotena an'i Afrika any amin'ny fifaninanana « Coupe du Monde des Clubs de la FIFA ».

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Henomby sy karaoty** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Azo atao ridritra izany, azo atao rony ihany koa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny soa azo avy amin'ny tamotamo sy ny ronono

Ny soa azo avy amin'ny tamotamo sy ny ronono indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Manadio aty ny tamotamo sy ronono. Ronono 1 kaopy, tamotamo 1 sotro kely ilay mbola mando no ilaina dia kikisana 1 sotrokely no ampiasaina. Ampangotrahana miaraka ireo dia sotroina maraina mandritra ny 7 andro. Raha tsy mahazaka ronono dia rano no ampiasaina.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Masoarivo any amin'ny distrikan'Antsalova faritra Melaky

Ny tanànan'i Masoarivo any amin'ny distrikan'Antsalova faritra Melaky indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Masoarivo ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 5 mandrafitra ny distrikan'Antsalova. Manakaiky ranomasina ny tanànan'i Masoarivo, 9 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Any andrefan 'i Madagasikara no misy azy. Vokatra any ny vary, ny katsaka, ny mangahazo ary ny akondro. Mpiompy sy mpanjono ihany koa ny mponina any Masoarivo.

